KABARY FISAORANA FORUM CREM

Andriamato filohampirenena malagasy

Andriamatoa filohan'ny antenimieran-doholona

Andriamatoa mpisolotenan'ny FES eto Madagasikara

Andriamatoa sy Ramatoa ministra

Andriamatoa sy Ramatoa solombavambahoaka

Andriamatoa sy Ramatoa Masoivoho na ireo solontenany naman'I Madagasikara

Isika rehetra nasaina izay tonga manatrika izao fotoana toa zato izao,

Tompokalahy sy Tompokovavy !

Sambatra hono Raherana fa manan-kierana!

Sambatra ny Raarefo fa mana-kiefoefona!

Sambatra Razozoro fa mana-kijorona!

Fa sambatra raha samy sambatra kosa isika fa nomen'Andriamanitra tombon'andro nahafahantsika mihaona tahaka izao.

Koa zovy ary tsy mahafantatra ary iza no tsy mahalala, fa tahaka ny tafika andrefan-tanàna ka sady hitan'ny maso ary ren'ny sofina fa ny anio ***Alatsinainy 26 martsa sy rahampitso 27 martsa 2018*** dia fihaonam-be nasionaly ara-toekarena na "***FORUM ECONOMIQUE NATIONAL*** karakarain'ny fikambanana ***"CREM***"na ny faribolana mpandinika ny hary sy ny toekarena eto Madagasikara no maha-tafavory antsika rehetra tahaka izao.

Nohon'ny tolo-tsaina sy ny tso-drano avy amin'ny mpikambana ary nohon'ny teny tsy ifandrombahana na ifanosehana, ary nohon'ny "***CREM"*** tsy manao tahaka ny ankolahy eny an-drova ka iaraha-haneno avokoa no antony ijoroko eto ankehitriny mitondra ny fitenenana ho fisaorana antsika rehetra manatrika ity fotoana manan-tantara ity.

Nefa na dia efa maika ny hitondra ny fitenanana aza aho dia tsy maintsy manolotra ny "***AZAFADY"*** aminareo satria sady mitory ny fahendrena Malagasy izany no fangatahan-dalàna mialoha raha hiteny, koa manao azafady Tompokolahy, manao azafady Tompokovavy.

Manaraka izany, dia tsy hanao tahakan'ilay bevohoka ratsin-kena aho ka hanaikitra omby mitsangana, na hanao tahaka ny reniomby jamba ka hanoto ny miarina ary hanitsaka ny mandry, fa tsy maintsy atolotra tokoa ny ***FIALAN-TSINY*** satria ny miteny tsy miala-tsiny hono dia tahaka ilay akohokely mitelina toho-kena ka raha mahay dia tohan'aina fa raha tsy mahay kosa dia singotry ny aina. Ary ny ***TSINY*** tokoa dia zavatra mampatahotra antsika Malagasy satria tahaka ny poizina izy ka izay milelaka azy dia tsy maintsy maty ary tahaka ny lala-malama ka izay tsy mahay mamindra dia tsy maintsy solafaka.

Ialako ihany koa ny Tsiny satria sarotra ny mitondra fitenenana fa ny teny maro hono tsy ilaozan'ota, ary ny Kabary tsy ilaozan'izay tsy ho diso.

Ialako ihany koa ny Tsiny nohon'ny voninahitrareo izay manatrika eto ankehitriny, satria tazako ireo ***Raimandreny*** izay fotsy volo amin'ny tany sy isika rehetra tompon'ny fitenenana, vy fanga amin'ny Kabary koa hitsako alohan'ny vazana aho ka tsy maintsy miala-tsiny ary miala-fondro aminareo.

Nefa iaraha-malala fa ny antodian-tsika eto dia zavatra tsy ratsy akory fa ny mahasoa ny Tanindrazana sy ny vahoaka Malagasy, noho izany dia tsy misy velively ny tsiny mety hanjo antsika. Koa misaraka maina tsy nokapaina tahaka ny Tany sy ny Lanitra ary isika sy ny Tsiny.

Koa rehefa afaka ary ny Tsiny satria ny tady tsara fatotra tokoa hono no mora vahana, ny angady afaka arina no mora iasana, ny dihy tsara gadona no mora afindra fa ny teny afa-tsiny no mora arindra dia maivana ny fitenenena ary mazava ny lalakombana.

Avo tokoa hono Ankaratra, lava tokoa hono ny ranon'Ikopa, midadasika Ilempona saingy tsy misy mihoatra an'Andriamanitra izy ireny, koa handeha atolotra Azy ary ny ***Hasina*** ambony indrindra satria Izy ilay nitahy ka nahatonga antsika eto. **Tolorana Hasina ihany koa ny mpitondra isan'ambaratongany satria ireny no vovona iadian'ny lohany ary varivary iandrin'ny tafo**. Isika Vahoaka tonga ihany koa dia tolorana ny Hasina satria isika no andry iankinan'ny fampandrosoana an'I Madagasikara ary kitro ifaharan'ny toekarena Malagasy.

Manaraka izany ny tonga tsy miarahaba hono naman'ny tezitra ny lasa tsy manao veloma naman'ny sosotra koa arahabaina isika rehetra manatrika etoana. Ataoanay tahaka ny

arahaban-drivotra ary izany ka ny kely voakitikika ary ny lehibe voasafosafo ary ataoanay tahakan'ny sasa-tavan'ilay sola koa ho voasasa hatrany an-tapondohany.

Tsy mety ihany koa anefa ny miarahaba nefa tsy mirary soa, koa tsy hafeninay any anaty ankanjo izany na kobonina ao anaty lamba fa homena antsika rehetra manatrika eto, koa dia mirary soa anareo ary izahay ka enga anie ianareo tahakan'ny akondro maniry amoron-drano ka be dokadoka sy be vololona, ho hambinin-java-manasatra, ho lavitry ny faty fa ho mamy kosa tian'ny vola, ahomby amin'ny ataonareo rehetra ary ho tahian'Andriamanitra hatrany amin'ny andraikitra raisinareo tsirairay avy.

Araka ny fantatsika ihany koa fa ny ***fisaorana*** hono tahaka ny fary lava vany koa tsy lany amamiana, koa dia manolotra ny fisaorana feno anareo izahay tamin'ny namalianareo an-tsitrapo ny fanasanay mikasika ny "***FORUM ECONOMIQUE NATIONAL***" izay karakarainay CREM miaraka amin'ny FES, SIF, Chambre de Mine ary ny SIM. Olo-tsoa olom-banona tokoa ianareo ka mahafantatra ny tokony atao, fa raha nanasa tokoa moa izahay nefa sanatria tsy nisy nipoitra ianareo dia angamba sanganehina irery teto izahay, tahaka ny sifotra nalan-doha, satria trano foana sy seza tsy misy olona no nanoloana anay. Nataonareo ho zava-dehibe tokoa izao fotoana anio izao ka namoizanareo ny asa aman-draharaha izay sahaninareo koa ny tompon'andraikitra rehetra eto anivon'ny CREM dia mbola mamerina hatrany ny fisaorana sy ny fankatelemana anareo rehetra. Andriamanitra manakarem-pahasoavana anie hamaly fitia anareo.

Manaraka izany, raha tsiahivina vetivety ny ***CREM*** na (*Cercle de Refléxion des Economistes de Madagascar*) na (Fari-bolana mpadinika ny hary sy ny toekarena eto madagasikara) dia fikambanana tsy manao pôlitika izay ivondronan'ny ireo mpikaroka, mpampianatra, mpianatra mpikaroka ary mpandraharaha toe-karena, niforona tamin'ny taona ***2009 nisian'ny*** Krizy teto Madagasikara, **ka ny tanjony dia ny handalina sy hanampy ireo mpitondra mifanesy ka hitondra vaha-olana mikasika ny toe-karena sy ny fampandrosoana an'I Madagasikara amin'ny ankapobeny**. **Tsy manao politika ny fikambanana ary tsy azon'iza na iza atao fitaovana politika ho amin'ny tanjona manokan'ny mpikambana iray na ho an'ny antoko politika iray**. Amin'ny maha olom-pirenena anay ato ami'ny CREM kosa

anefa dia manana ny firehana politikany ny tsirairay izay mifanaraka tsara amin'ny firehana ekonomika maharesy lahatra azy. Ary mifanaja amin'izany izahay. Noho izany, ny CREM dia fikambanana tsy mialon-jafy ka ***afaka miara-miasa*** amin'ny rafitra rehetra na miankina na tsy miankina amin'ny fitondrana na eto Madagasikara na any ivelany izay mitovy ***Tanjona*** sy ***Vina*** aminy.

Raha ity fikaonan-doha nasionaly ity indray no ambara izay tontosaina mandritra ny roa andro dia ny loha-hevitra hoe ***"INONA IREO FEPETRA TAKIANA ENTINA HANAINGANA NY TOE-KARENA MALAGASY?",*** no iaraha-midinika satria tsy azo afenina intsony tahaka ny vay an-kandrina fa mitotongana tokoa ny toe-karentsika nandritra izay ***50 taona*** lasa izay ka mila mandroso vahaolana miaraka isika. Nationaly satria amin'ireo mpandray anjara amin'ny ady hevitra dia misy mpikambana CREM avy any amin'ny faritany. Ary aorian'izao loabary an-dasy eto Antananarivo izao aza dia ho any fianaratsoa indray ny CREM hitondra sy hanomboka ny ny ady hevitra isa-paritra.

Ahoana ary no ahafahatsika miasa miaraka handrafetana ireo laharam-pahamehina mikasika izany fepetra izany ka hisafidy ireo paikady tena mety ahafahana manatratra ny tanjona kinendry.

Mandritra ny roa andro isika dia tsy hiresaka ny amin'ny herintaona na 5 taona ho avy fotsiny eo amin'ny lafiny toekarena fa hibanjina indrindra ny 50 sy ny 100 taona ho avy koa.

Manantena aho fa isika rehetra manatrika etoana dia mahay miara-miasa ami'ireo lohahevitra efa naroso mialoha.

Iarahatsika mahalala tokoa mantsy ny fihazakazaky ny fandrosoana maneran-tany eo amin'ny lafiny toe-karena. Maro ny tombotsoa noraisintsika mivantana na ankolaka manoloana izany. Tsy ampy anefa ireo raha ny zava-misy eto amin'ny firenentsika no jerena. Vory eto isika satria samy manantena fa mbola mahavita tsara lavitra noho ny efa vita hatramin'izao isika Malagasy eo amin'izany lafiny fihariana izany. Afaka ny ho mpandray anjara misongadina maneran-tany Madagasikara noho ny fananantsika olona sy zava-tsoa maro isan-karazany izay tsy mena-mitaha amin'ny any ivelany.

Efa nampisehoantsika izany nandritra ny taona maro ary hitan'izao tontolo izao ny maha izy antsika. Kanefa ny fihazakazaky ny fandrosoana maneran-tany dia tsy nahazahoana tombontsoa ho an'ny firenentsika fotsiny ihany fa vao maika koa nampitombo ny tsy fitoviana teo amin'izany lafiny ara-toe-karena izany mihoatra ireo firenena mitovitovy tamintsika fahizay. Tsy maintsy miatrika izany fandrosoana izany isika na dia mafy aza ny hafainganam-pandehany manera-tany. Maro ireo ezaka efa natao tamin'ny alalan'ireo mpitondra nifanesy hatramin'ny fahaleovan-tena. Fa ny fanovana ara-toe-karena nisy anefa dia nampitombo hatrany ny ahiahin'ny maro an'isany amin'ny ho avin'ny asany, ny orinasany sy ny ho avin'ny taranany amin'ny ankapobeany noho ny tsy fandriampahalemana miseho lany etsy sy eroa ankehitriny.

Na izany aza, maro an'isa ireo mampiseho ezaka sy ohatra, ary mandrakariva dia misy foana ireo Malagasy misongadina tokoa eo amin'ny fiariana eto Madagasikara.

Iarahantsika mahalala fa tsy fotoanan'ny fanandevozana na ny fanjanahantany intsony izao. Malalaka isika amin'izay fivoarana ara-toe-karena tiantsika sy mifanaraka amin'ny filantsika eto Madagasikara. Izany dia ahafahantsika mampitombo arak'izay azo atao ireo ezaka efa vita hatramin'izao. Ny herim-pon'ireo tafita tamin'ny lasa mantsy dia mitovy ihany amin'ny herim-pontsika ankehitriny koa. Mihoatra lavitra amin'izany aza ny antsika ankehitriny satria tsy mitovy amin'izay zava-misy amin'izao ireo safidy sy tsena nisy tamin'ny fotoana teo aloha.

Ny asa fikarohana izay ataontsika, ny saina tia karokaroka hitan'ireo mpandraharaha, ny fahasamihafantsika, ny fananantsika ny harena voajanahary maro isan-karazany eo ambany fanaraha-maso ny fitsipika mifehy ny lalana misy dia tokony ahafahantsika mahazo izay tokony ilaintsika ka tsy ilana ny hafa akory. Na ny eo amin'ny lafiny ara-tsakafo izany , na ny fahasalamana, ny fianarana sy ny fiandrianam-pirenena. Izany lalan-tsaina izany no hitondrantsika ny ady hevitra mandritra ity loha-bary an-dasy ity. Satria avy amin'izany ihany no ahafahantsika manao dingana amin'ny ho avy ary tsy hitsanga-menatra manoloana ireo firenena hafa manana tombontsoa ho amin'ny fampandrosoana ara-toe-karena an'ity tanindrazantsika ity. Izany koa no tokony hijerentsika an'ireo fanovana sy fepetra ilaina ahafahan'ny rehetra mitondra ny anjara birikiny sy manana risim-po ho amin'izany

fampandrosoana ara-toe-karena izany. Ka ahafahantsika manome toky sy fahombiazana ho an’ny taranaka ho avy.

Tsy mora anefa ny manatanteraka izany fanovana sy izany fepetra izany ao anatin’ny iray andro, kanefa fantantsika fa ireo no antoky ny fahandriam-pahalemana sy ny fiadanan’ny ambany lanitra. ny voka-tsoa azo avy amin’ireo dia tsy mandeha ho azy fa miankina indrindra amin’ny safidy izay ataontsika anio. Ny laharam-pahamehana ara-toe-karena izay arafitrintsika mantsy no hamaritra ny ho avintsika miaraka. **Mandalo izany kihon-dalana izany ny firenentsika ankehitriny.**

Manoloana izany, moa ve isika mahatsapa ho trano atsimo sy avaratra? Mpiray tanindrazana? Mpiara-monina manoloana izany hambom-pom-pirenena tokony hananantsika izany? Sa kosa mbola hanjakan’ny fifankahalana, fifandrafesana noho ny antony maro?. **Tokony hiatrika ny ho avy ampahatokiana isika noho ny amin’ny maha vahoaka iray sy nosy iray antsika**. Izany indrindra no tokony hijoroantsika sy hifanomezantsika tanana manoloana ireo mpiara-belona amintsika izay ao anatin’ny fahantrana lalina ny ankamaroany ankehitriny. Mino sy manantena izahay ato amin’ny CREM fa zavatra maro sy goavana no azontsika Malagasy miaraka atao eo amin’ny lafiny fampandrosoana ara-toe-karena. Ka na tsy mitovy hevitra aza isika dia aoka izany fahasamihafana izany no ‘ndeha hifanomeza-tanana amin’ny fikatsahana ny pai-kady ho fampandrosoana ara-toe-karena ny firenentsika sy hananantsika izany fiandrianana ara-toe-karena izany eo imason’izao tontolo izao. Izany no tokony hanosika antsika handray anjara araka izay tandrify antsika eo amin’ny fiainam-pirenena tahak’izao ataon’ny fikambanana CREM izao. Ka tsy ho amin’ny fisehosehoana tahaka ny fiheveran’ny sasany fa **noho ny fitiavana ny tanindrazana sy ny mpiara-belona** tokoa. Satria avy amin’izany no mandrafitra ny ho avin’ity firenentsika ity rahampitso.

Hande ary hiady hevitra sy hifantoka ny amin’izany isika. Fanontaniana efatra no mila valiny maika mikasika izany fampandrosoana ara-toe-karena izany eto Madagasikara izay hinoko fa isika Malagasy no tokony hamaly sy medrika indrindra hanome ny vahaolana. Handeha

hadinoana aloha ireo izay mety hitondra antsika rahampitso sy ny adilahy politika fa aoka isika hifantoka amin'ny famaliana ireto fanontaniana manaraka ireto mandritra ny roa andro.

Voalohany, ahoana no ahafahantsika Malagasy isam-batan'olona manana sakafo araka ny tokony izy ka ho firenena mahaleotena ara-tsakafo I Madagasikara?

Faharoa, ahoana no ahafahan'ny teknolojia vaovao miasa ho antsika amin'ny fampandrosoana ara-toe-karena fa tsy mampiasa antsika ho amin'ny fifandrafiana sy ny fifankahalana ary ny tsy fitoviana?

Fahatelo, ahoana no hitandrovantsika ny fahandriam-pahalemana eto an-tanindrazantsika ka ahafahantsika mamokatra sy miara-monina araka ny tokony ho izy?

Fahefatra farany, ahoana no ananantsika politika ekonomika mety sy mifanaraka amin'ny filantsika Malagasy fa tsy politika ekonomika hambotry ny mpiara-belona amintsika sy aha-haolo ny tanintsika ka ho vahiny sy ho mpivahiny eto an-tanindrazantsika isika mianakavy?

Ny famaliana ireo fanontaniana ireo miaraka no hinonay sy mahavelom-panantenana anay ato amin'ny CREM amin'ny ho avy satria **mahatoky ny herim-pon'ny Malagasy izahay**, ary izany no tokony hijoroana amim-pahatokiana tanteraka fa **azontsika atao ny mampandroso ny firenentsika** ka ho mendrika izany fandrosoana izany ny Malagasy tsirairay avy.

Eto ampamaranana ary dia mbola mamerina ny fisaorana mitafotafo amin'ny fandraisanareo anjara izahay ary enga anie ka ho maro ny hevitra mahasoa sy azo tanterahana avy any amintsika tsirairay mba hiteraka fampandrosoana maharitra an'Ity Gasikara mamintsika ity, satria hoy ny ohabolana Malagasy manao hoe "***Ny Hevitra hono tera-bary ka samy mamoaka ny ao am-pony, ary ny hevitra ihany koa tsy azo raha tsy amin'ny olombelona***".

Hoy ny fomba fitenenana hoe "***Raha lava hono ny tena mandany akanjo, raha lava ny tenda mandany hanina fa raha lava ny teny mandany fotoana***", koa hofaranako sahady ary ny fandraisam-pitenenana fa dia mirary soa antsika aharitra amin'ity dinika mandritra ny roa andro ity.

Misaotra Tompokolahy, mankasitraka Tompokovavy!

Ny filohan’ny filnkevim-pitantanan’ny Faribolana mpandinika ny hary sy ny toekarena eto Madagasikara: CREM

RATOBISAONA Rado Andrimahenintsoa